# ALAHADY 19 APR 2020

Ny filazantsara ry havana, ao amin'ny **Lioka 24** ; izay no hakantsika hafatra amin'izao maraina izao. Raha omena lohateny izao toriteny izao dia azo tenenina tahaka izao, hoe : **RAISO SERIEUX AMIN'IZAY NY FANAHY MASINA. RAISO, ATAOVY SERIEUX AMIN'IZAY NY FANAHY MASINA AMIN'ITY 2020 ITY.**

Ny **Fahamarinana 1** ry havana, amin'izao toriteny izao, dia hoe : **NY OLONA IZAY MANDRAY SERIEUX NY FANAHY MASINA DIA SOKAFAN'ANDRIAMANITRA NY SAINY HAHALALA NY SORATRA MASINA.** Sokafan'Andriamanitra ny sainy hahalala ny Soratra Masina.
Eo amin'ny **and. 44-47** dia hoy ny tenin'Andriamanitra amin'ny anaran'i Jesoa : *« Dia hoy Izy taminy: Izao no teniko izay nolazaiko taminareo, fony mbola tao aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin' ny lalàn' i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo. Dia nanokatra ny sain' ireo Izy hahalala ny Soratra Masina. Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo; ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema ».*

Ny olona izay mandray au sérieux ny Fanahy Masina ry havana, dia sokafany ny sainy hahalala ny Soratra Masina. Izany no ataon'i Jesoa eto ry havana ô.
Misy mpandinika nanisa ry havana hoe ao amin'ny làlàn'i Mosesy, izany hoe ao amin'ny Pentatioka izany, ao amin'ny mpaminany sy ao amin'ny Salamo, dia lazain-dry zareo hoe : misy à peu près faminanian-dehibe 70 mikasika an'i Jesoa ry havana. Ary ireo no lazain'i Jesoa hoe : « Izay rehetra nanoratana Ahy dia tsy maintsy ho tanteraka » ; ary na izaho, na ianao ry havana, dia mila an'i Jesoa, mila ny Fanahy Masina mba hahalantsika izany Soratra Masina izany. Fa raha tsy izany, dia tahaka an'ireto mpianatra ireto isika ; ny mpianatra no resahina eto, any amin'ny **Lioka 9 :44-45**, miresaka amin'ny hoe tsy maintsy hanolorana ny zanak'olona

Jesoa, dia hoe : « tsy azon’ny mpianatra io teny io », satria tsy azony noho ilay hoe fahafoizan’ny sainy, ny avonavom-po, ny fiheveran-tena ho zavatra eo anatrehan’i Jesoa ry havana, dia tsy azony. Tsy azoko koa izany satria fohy ny fisainako, raha tsy ny Fanahy Masina ô, no hoe mampianatra ahy hahalala ny Soratra Masina. Ary rehefa hoe ny Fanahy Masina no mampianatra hahalala ny Soratra Masina ry havana, dia izao : takatrao rehefa ela ny ela, araka ity tenin’i Jesoa ity, fa ny tanjon’ny toriteny dia anankiroa ihany : ny fibebahana sy ny famelan-keloka. Izay no ambaran’i Jesoa amin’ny mpianatra eto. Ny olona izay hoe, manao sérieux ny Fanahy Masina, ka tarihin’ny Fanahy Masina hahalala ny Soratra Masina, dia mahafantatra hoe : izay ny fijerin’Andriamanitra ny olombelona rehetra, hatramin’ny jentilisa aza, lavitra be any : ny olona rehetra dia mpanota ka very. Mijereva ianao olona any amin’ireny tany manan-karena ireny, sy mandroso ; mijereva ianao aty amin’ny tany mahantra sy an-dalam-pandrosoana ; mijereva ianao fotsy, mijereva ianao mainty ; mijereva ianao lehilahy, mijereva ianao vehivavy ; mijereva tanora, mijereva antitra : olona mpanota io ary ho very. Izany no fijerin’ny Soratra Masina azy ry havana. Ary izany no hitoriana aminy ; hoy Jesoa hoe : « torio aminy ny fibebahana » ary torio aminy ny famelan-keloka vokatry ny fibebahana. Ary izay toriana ry havana ô.

Ny probleman’ny olombelona dia izao : mpanota izy, araka ny voalazany teo ; mpanota izy, nef aizy tenany tsy afaka manaisotra izany fahotana izany. Teto amin’ny tantaran’ny olombelona ry havana, fa raha ao amin’ny testamenta taloha moa no jerentsika, satria kristiana isika, dia nieritreritra izy hoe : « hay, mpanota aho, voafatotry ny ota aho, hanao fanatitra aho, hanao sorona aho, satria mazava ny tenin’ny Soratra Masina, hoe : « raha tsy misy rà alatsaka, tsy misy famelan-keloka ». Kanefa izao ry havana : ny probleman’ny fanatitra ao amin’ny testamenta taloha, io rà nalatsaka io, ràn’ny ondry, ny osy io, io, voalohany : tsy maha-haisotra ny fahotana ; ary faharoa, ary izay no tena zava-dehibe : io rà io, tsy nahafaka ny olombelona amin’ilay fatoran’ny fahotana

sy ny fahazaran-dratsiny ry havana ô. Fa manao fanatitra izy, manao fanatitra, dia mbola andevozin’ny fahotana ihany, dia manoh, manohy, manohy. Ary noho izany, dia hoe, tsy maintsy naniraka an’i Jesoa Andriamanitra. Ilay tsy maintsin’Andriamanitra eto ry havana, hoe : Andriamanitra noterenin’ny fitiavany antsika olombelona very dia tsy maintsy naniraka an’i Jesoa Kristy. Jesoa Kristy indray, nahita an’ilay situation antsika olombelona hoe very noho ny fahotana, mandeha mihazakazaka mankany amin’ny helo, dia nankeo amin’ny Rainy Izy, dia hoe : « Inty Aho, hanao ny sitraponao. Manaiky Aho irahina ety an-tany ». Izay ilay tsy maintsin’Andriamanitra ry havana ô. Fa io Jesoa Kristy, izay nanaiky nirahin’Andriamanitra tety an-tany io, izany no lazain’ny perikopa, hoe : « tsy maintsy nijaly » ; ary « tsy maintsy nitsangana tamin’ny maty ». Izao manko ry havana : ny fampianaran’ny Soratra Masina, dia hoe : nijaly teto amin’ity hazo fijaliana ity Jesoa nisolo heloka antsika. Ary maty Izy, nisolo voina antsika. Fa raha tsy teo ny fitsanganan’i Jesoa tamin’ny maty, dia mety ho angano fotsiny izany ry havana ô, mety théorie be fotsiny izany. Fa izany no tsy maintsy hitoriana ireo zava-dehibe anankiroa ireo hoy Jesoa, ary ireo no votoatin’ny toriteny, dia ny hoe : nijaly Jesoa ary nitsangana tamin’ny maty Jesoa ry havana ô. Ary izany hoy Izy ange e, no efa nambaran-dry Mosesy e, nambaran’ny mpaminany e, nambaran’ny Salamo e : « Tsy maintsy hijaly Izy, ary tsy maintsy hitsangana tamin’ny maty ». Ary Izy nitsangana amin’ny maty iny, no mandidy ny olona hoe : « Tsy maintsy mibebaka ianareo mba hahazoana famelana ny helokareo ».

Ny Fanahy Masina raiso sérieux ry havana ô, dia ny Fanahy Masina hanokatra ny sainao hahalalanao izany hoe planina tsy maintsy notanterahin’Andriamanitra izany e. Izao ry havana : asa moa na rahoviana na rahoviana no hisy ny olona voalohany ho matin’ny corona eto Madagasikara. Ny Tompo irery no mahafantatra an’izany. Fa ny anjarantsika dia mivavaka, ary milaza hoe : « Mahatoky Izy ». Fa izao, aza tezitra ianao e : ny fanontaniana tsy hoe : « rahoviana no hisy ny olona voalohany matin’ny corona eto Mada ? » ; fa hoe : « ilay olona

voalohany sy ny manaraka, sanatriavina, amin'ny fijerin'ny olombelona ; io olona ho fatin'ny corona io ve olona maty tsy voavela heloka, tsy vita fihavanana tamin'Andriamanitra ? » ry havana ô. Raha tsy vita fihavanana amin'Andriamanitra izy, dia tena hoe zava-doza. Ilay famelan-keloka eto, ilay voambolana ampiasain'ny Fanahy Masina amin'ilay famelan-keloka dia hoe : « fandoavana trosa ». Isika masiaka rehefa mampindrana vola ka tsy mamerina ny trosa ilay olona. Fa ohatran'izany koa Andriamanitra ry havana : io helokao io, trosa tsy maintsy efainao amin'Andriamanitra io, ary raha matin'ny corona ianao, na matin'ny zavatra hafa, tsy voavela heloka, tsy nanefa ny trosan'Andriamanitra, dia hoe : lasa any amin'ny fahaverezana mandrakizay ianao, lasa any amin'ny helo ianao. Fa izao kosa ry havana ô : raha hoe mivavaka isika, fa raha hoe na iza na iza ho fatin'ny corona eto, dia ho hita hoe modimandry ao amin'ny Tompo e. Ary dia tonga amin'ny tenin'i Président Ammi tamin'ny Alahady marainan'ny Paska, tamin'ny heriny androany, hoe : « lasa nody any amin'ny Rainy izy. Izany ve dia ho ratsy ? ». Fa izao : aoka isika ry havana handray au sérieux ny Fanahy Masina, aoka isika hanaiky ampianarina hahalala marina ny Soratra Masina, ary aoka isika ry havana ô, hisaina mandrakariva izany hoe : « tsy maintsy nijaly, tsy maintsy nitsangana tamin'ny maty izany Kristy mba hahazoantsika mibebaka, sy mahazo famelana ny helotsika ».

Ny **<u>Fahamarinana 2</u>** ry havana dia izao : **HO AN'NY OLONA IZAY MANAO SERIEUX NY FANAHY MASINA, TSY MAINTSY MITORY NY FILAZANTSARA, ARY TSY MAINTSY ATOMBONY AO JEROSALEMA IZANY**

**And. 48** manao hoe : *« Ary ianareo no vavolombelon'izany », « manomboka eto Jerosalema »* (**and.47b**). Teo izany, ilay tsy maintsin'Andriamanitra hoe tsy maintsy naniraka an'i Jesoa Izy hamonjena antsika. Ny Soratra Masina manambara « tsy maintsy » faharoa ato, hoe : « tsy maintsy mitory isika, ary tsy maintsy atomboka ao Jerosalema ». Dia azontsika atao tsara ny manonatany tena ry havana, hoe nahoana moa, inona no mety hevitry ny Tompo ny amin'ny hoe : « atomboy ao Jerosalema izany fitoriana ny filazantsara izany ».

– Ny antony voalohany, mazava be, dia izao aloa : satria izay no voalazan'ny mpaminany : Ao Jerosalema aloa no hitoriana izany hoe fijaliana sy fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty, sy izany hoe fibebahana sy famelan-keloka izany. Ary lesona lehibe ho antsika izao ry havana, hoe : manao asan'ny Tompo ianao, misy tenin'Andriamanitra ve hanorenanao mazava io asanao io, ny fandaminanao io asa io ? Ary nahazo antso sy iraka mazava ve ianao ka miteny ianao hoe : « eny ary Tompo ô, atomboko ato Jerosalema tokoa ity satria izany no ambaran'ny Soratra Masina » ?

– Ny antony manaraka ry havana hanombohana ny fitoriana ny filazantsara ao Jerosalema, tao Jerosalema dia satria ireo mponina, ireo jiosy tao Jerosalema ireo no noheverin'i Jesoa hoe ratsy indrindra. Atomboy ao, amin'ireo olona ratsy indrindra ireo. Tadidintsika ny tenin'i Jesoa tao amin'ny Jaona 8 :44 hoe : « ianareo zaanky ny devoly rainareo ». Raha mahita olona ianao manodidina anao, tena hoe « devoly mihitsy iny, zanaky ny devoly iny » : antson'ny Tompo ho anao izany ry havana ô, hitoriana ny filazantsara en priorité aminy. Jesoa dia manohatra ny tenany amina dokotera hitsabo antsika mpanota. Ao an-tsaina, atao priorité ry havana ô, Jerosalema, satria olona noho ny faharatsiany, dia tena olona ohatrany hoe am-bavahoan'ny fahafatesana ary tena mila urgence ry havana ô.

– Atomboy ao Jerosalema, noho ny hafatry ny mpaminany, atomboy ao Jerosalema satria tena ratsy ireo olona ireo. Atomboy ao Jerosalema, satria mazava be : ao no akaiky indrindra. Aza manakatra lavitra aloa, aza manakatra any Foulpointe aloa, sy ny karazany : ao Jerosalema aloa atomboka ry havana ô. Atomboy ao amin'ny ankohonanao, atomboy amin'ireo mpanampy ao an-tranonao, atomboy any am-pianaranao, atomboy any am-piasanao, atomboy ao amin'ny sampana misy anao, ao amin'ny fikambanana misy anao ao am-piangonana ao ; misy jiosy ao, taranaky ny jiosy tao Jerosalema, mila fibebahana en urgence ry havana ô. Ary tsy maintsy manao an'izany ianao.

– Ary izao koa no mbola hafatra ry havana : mandinika ny

tenin'ny Tompo hoe : maninona no atomboka ao Jerosalema ? Jerosalema, raha tsy tenenina isika hoe mandehana ianao mankao Jerosalema, dia mety hiteny isika hoe : « sshh, Jerosalema izany, efa firin-jato taona no nitoriana teny tao, nanomboka tamin'i Mosesy, nanomboka tamin'ny mpaminany, ny Salamo araka ny tenin'i Jesoa ; firin'jato taona izay dia mbola io ihany, mbola io ihany Jerosalema, sshhh, tsy aleo ve mankany an-kafa e ». Miteny ny Tompo : atomboy ao Jerosalema, atomboy ao amin'ny olona izay efa voky fampianarana, atomboy ao amin'ny olona izay hoe nanamafy fo, nanamafy hatoka tamin'ny filazantsara. Ary ity Jerosalema ity ry havana ô, tantarain'ny Soratra Masina, fa raha nanakaiky an'i Jerosalema Jesoa, dia nitomany. Nitomany an'i Jerosalema i Jesoa, hoe : « raha mba nahafantatra mantsy ianao ny momba ny fiadanana, raha mba nahafantatra ianao ny famangian'ilay Andrian'ny fiadanana anao ry Jerosalema ô ». Fa hoe :Jesoa, izay nitomany, noho ny hamafin'ny fon'i Jerosalema tamin'ny fahavelony, mbola miteny aminao hoe : « atomboy ao Jerosalema : tsy maintsy atombokao ao Jerosalema ». Raha raisinao au sérieux izany hoe fitarihin'ny Fanahy Masina izany : atomboy ao Jerosalema izany fitoriana ny filazantsara izany.

– Ary farany, ny amin'izany hoe tsy maintsy atomboka ao Jerosalema ilay fijoroana vavolombelona ry havana ô, ary eto, dia misaotra ny Tompo, ny amin'ny ahazoantsika mifampatsiahy fa hoe : ilay teny grika, ary hainareo tsara ilay izy, nadika hoe vavolombelona, dia hoe « martiora ». Meteza ho martioran'i Jesoa ry havana ô. Inona no dikan'izany ? Hita izany rehefa miteny Jesoa hoe « tsy maintsy atomboka ao Jerosalema ». Izany hoe : ao amin'ny toerana izay mety hatahoranao. Jerosalema dia toerana mety hatahoranao hitoriana. Inona ny dikan'izany ? Atomboy ao Jerosalema hoy Jesoa an, tsy maintsy manomboka ao Jerosalema ianareo an ; fa raha tsy niteny an'izany anie Jesoa ry havana, dia mety niteny ireto mpianatra ireto, nifampiteny izy 11 lahy, dia avy eo moa izy 12 ihany, na nifampiteny izy 70, nifampiteny izy 120 hoe : « an an an, raha izao contexte izao an, ohatrany tsy hahavita na inona na inona eto

Jerosalema isika an ». Izany : ataovy ao an-tsaina izay contexte tamin’izay ; ary ny Jaona 20 ry havana dia milaza hoe : ny alin’ny andro voalohany nitsanganan’i Jesoa tamin’ny maty, dia tena hoe faran’izay katahotra ireto mpianatra ireto, dia nihidy tao an-trano, tao izy no notongavan’i Jesoa ry havana ô. Izay ilay tahotry ny mpianatra, hoe : « aiza no hitorianao filazantsara eto Jerosalema e ». Izany ilay izy. Fa ao Jerosalema ianao no tsy maintsy mijoro vavolombelona hoy Kristy ry havana ô. Mihidy an-trano izy noho ny tahotra, ary hors de question ny hoe handeha hivoaboaka ny trano, ohatrantsika hoe ao anatin’izao fihibohana izao, dia hoe tsy tokony hivoaka ny trano. Ary dia mety mieritreritra izy hoe : « vue ilay situation, andao isika hoe handeha handositra hialokaloka any Damaskosy ». Izay ange no nahatonga an’i Paoly e, Saoly e, hoe handeha hanenjika kristiana any Damaskosy e, ilay kristiana natahotra, dia nisy niteny hoe : an an an, andao isika mba hanao ohatran’ny rehetra e, andao isika ho any Damaskosy e. Dia rehefa hoe milamindamina ny ety an-tanana, milamindamina ny eto Jerosalema, rehefa adinodinon-dry zareo ity resaka hoe nanombohana an’i Jesoa tamin’ny hazo fijaliana ity, dia hiverina moramora isika, hitory moramora sy miandalana an’i Jesoa. Fa izao ry havana no tenin’i Jesoa : « Tsy maintsy ao Jerosalema ianareo no manomboka mijoro vavolombelona ». Dia inona tokoa no nataon-dry Petera ? Satria nanaiky anarin’ny Fanahy Masina izy, nandray au sérieux ny Fanahy Masina izy, nandray au sérieux ny tenin’Andriamanitra izy : nanomboka nitoriteny Petera tamin’ny andron’ny Pentekosta ry havana. Ary izy nanomboka nitoriteny, dia hoe nitoriteny tamin’ny fahasahiana izy. **Asa. 2 :36** : *« Koa aoka ho fantatry ny taranak’isiraely rehetra marimarinafa iny Jesoa nohomboanareo tamin’ny hazo fijaliana iny dia efa nataon’Andriamanitra ho Tompo sy Kristy ».* Tenin’ny olona feno ny Fanahy Masina, mitory teny amin’ny fahasahiana ry havana ô. « Nareo ireo anie no nanombo an’i Jesoa tamin’ny hazo fijaliana e ». Fa Petera ry havana, nitory an’izany tamin’ny fahasahiana, tarihin’ny Faanhy Masina ; tsisy sahy nitora-bato, tsisy sahy nisambotra ; nampatsiahivina ilay contexte.

Fa inona ny zavatra nitranga ? Voatsindrona tam-po ny olona izay nihaino toriteny teo ary nivarahontsana dia niteny hoe : « Inona no tokony ataonay ? Inona no tokony ataonay ? ». Dia niteny Petera hoe : « Mibebaha ianareo ». Izany ny mission-nao ry havana ô. Any amin'ny toerana heverinao hoe : « an an an, aleo aloa ary an'anona ka, fa any mbola ohatran'izao sy ohatran'izao ». Fa Petera feno ny Fanahy Masina, nitory tamin'ny fahasahiana, dia niteny ny Asan'ny Apostoly 2 hoe : olona 3.000 no niova fo tamin'io andro io. Ary ny Asan'ny Apostoly ihany no mbola mitantara hoe : andro iray na roa taorian'ny Pentekosta, dia mbola olona 5.000 indray no nandray an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy ry havana ô.
Raiso au sérieux amin'izay anie ny Fanahy Masina e, dia hijoro vavolombelona, martioran'i Jesoa ianao, ho mpampiditra fanahy any an-danitra. Fa izany no mission-ko, izany no mission-nao. Izany no antom-pisiako, izany no antom-pisianao.

Ny **<u>Fahamarinana farany</u>** ry havana, dia izao : **NY OLONA MANDRAY AU SERIEUX NY FANAHY MASINA DIA MANAO VAINDOHAN-DRAHARAHA NY HANDRAY AN'IZANY FANAHY MASINA IZANY**
Manao vaindohan-draharaha ny handraisana an'izany Fanahy Masina izany. Hoy ny **and. 49** amin'ity **Lioka 24** ity: *« Ary, indro, Izaho mampitondra ny teny fikasan'ny Raiko ho anareo ; fa mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo ». « Mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo ».* Tsy maintsy nandefa an'i Jesoa Kristy Andriamanitra ry havana ô. Tsy maintsy nijaly Jesoa Kristy. Tsy maintsy nitsangana Jesoa Kristy. Ary fanampin'izany, fa tsy feno izany fikasam-pamonjena izany : tsy maintsy nanafy antsika amin'ny Fanahy Masina Andriamanitra. Tsy maintsy nanafy ; fa ny drama amin'ny fiainantsika kristiana ry havana ô, dia ataontsika zava-maivana izany hoe fitafiana ny Fanahy Masina izany. Ataontsika zava-maivana izany e. Ary izany no hitenenan'ny Tompo amintsika hoe : « Ataovy sérieux amin'izay re ny Fanahy Masina e, manomboka amin'izao 2020 izao e ».

Ry havana, ny olona manana impact ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra dia ny olona mitafy ny herin'Andriamanitra. Ary ireo ihany no manana impact. Ary efa notsiahivina teo fa nitoriteny Petera tamin'ny andron'ny Pentekosta ; dia satria teo ambany fitarihin'ny Fanahy Masina sy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina izy, dia voatsindrona tampony ny olona izay nihaino toriteny teo ry havana ô. Ary ny toriteny ry havana dia mizara 2 : ny toriteny sy ny toriteny omen'ny Fanahy Masina, izay ilay faharoa ; ka manindrona ny fon'ny olona hitaona azy amin'ny fibebahana ahazoany famelankeloka ry havana ô.

Ry havana, mitodika aminao ny Tompo amin'izao andro anio izao : raha te hanana impact ianao e, raha te hanana impact ianao, dia manetre tena, ekeo ilay tsy maintsin'ny Soratra Masina, ilay tsy maintsin'ny Tompo hoe : tsy maintsy tafiana ny hery avy any amin'ny avo ianao. Tsy ao anatinao io hery io ; avy any amin'ny avo, avy any amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa zanany ry havana ô. Ka inona no tokony ataontsika ? Inona no tokony ataonao ? Hoy Jesoa aminao hoe : mangataha, mangataha. Ny **Lioka 11 :13** dia milaza hoe : *« Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka ve ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy ? »*. Tsy mandainga izany teny izany. Raha mangataka ianao dia omen'ny Rainao any an-danitra izany Fanahy Masina izany ; raha mangataka ianao, hoy Jesoa e. Ary tsy misy lalana hafa ry havana ô ahazoana ny Fanahy Masina, ahazoana hery, raha tsy hoe miandry aloa dia mangataka. Ary tsy misy lalana manivaka, tsy misy raccourci ahazoana izany herin'ny Fanahy Masina izany, raha tsy hoe mipetraka aloa ianao dia mangataka. Mipetraha aloa ianao ry havana ô. Ary izao ange e : noho ity hoe confinement sy fihibohana ity, toy ny teren'ny Tompo hipetraka ange ianao e. Nanomboka tamin'ny Alatsinainy teo, Alatsinain'ny Paska teo, misy 50 andro ry havana ô, hipetrahanao, hitoeranao ato an-tanàna, hangatahinao an'izany Fanahy Masina izany, handinihinao izany hoe tsy maintsy tafiana ny hery avy any an-

danitra ianao. Tsy mandainga io Soratra Masina io ry havana ô. Fa araraoty izao confinement izao ; tena avy amin'ny Tompo izao confinement izao ; 50 andro hihibohanao ao an-trano, raha izay no voam-bolana ampiasaina, hitokananao amin'ny Tompo, hisaoranao Azy noho ny teniny, hangatahinao ny Fanahy Masina hoe hanokatra ny sainao hahalalanao ny teniny, hifonanao ny amin'izay tsy nandraisanao sérieux ny Fanahy Masina hatramin'izay, hideranao Azy noho ny zavatra nataon'i Jesoa, ary efa prévu hatry ny fahagola fa tsy maintsy hijaly Izy ary tsy maintsy hitsangana amin'ny maty Izy. Mandritra ny 50 andro, hangatao Izy ry havana ô ; ary manome toky anao Aho fa rehefa ela ny ela, dia ho tafiana ny Fanahy Masina ianao : afaka 50 andro, amin'ny andron'ny Pentekosta maximum. Fa izao : rehefa mandre ianao hoe « araraoty izao confinement izao fa opportunité historique ao amin'ny fiainanao, tsy manam-paharoa », dia ny devoly efa manakivy anao, manatsatso anao : lava loatra e, izany 50 andro izany e. Ary io hamafin'ny fonao izay noresahina tahaka ny an'ny mpianatra tamin'ny andron'ny Paska, tamin'ny heriny androany io, dia idiran'ny devoly, ka anaty confinement ianao, tsy mitombo amin'ny famakiana Soratra Masina, tsy mitombo amin'ny fandinihan-tena hoe hanao sérieux tokoa ny Fanahy Masina ; fa ny andro-tokon'ny andronao, laninao amin'ny télé, sy io tamban-jotra tena hamakiana hoe, izaho tsy miteny akory hoe hamakiana fatin-javatra ; fa mety hamakiana zavatra kitoatoa e, resaka tsy hihinanan-kanina. Izany ve no hameno ny confinement anao ry havana ô ? Raiso au sérieux ry havana ô, ny Fanahy Masina. Raiso au sérieux ny Fanahy Masina. Ary dia hoe : avy any amin'ny avo io. Andriamanitra sy Jesoa no miara-maniraka an'io Fanahy Masina io, mba tsy hahatsiaro ho kamboty isika, mba hahtsiaro ny fanatrahantsika hoe momoba antsika mandrakariva Izy, mba hanana impact isika ao amin'ny fiainantsika, hanana impact ianao raim-pianakaviana ao amin'ny ankohonanao ; ary tsy hidaroka vady sy zanaka intsony ianao rehefa tsy manoa anao izy. Tsy manana impact anie ianao dia midaroka e. Hanana impact ianao amin'ny asa fanompoanao, ao amin'ny Fiangonana ao, sy ao amin'ny sampana ao, satria ho mpitory fibebahana sy

mpanambara vaovao mahafalin'ny famelan-keloka ianao, ataon'Andriamanitra fanaka voafidy hitory, hahatonga fifohazam-panahy. Hanana impact ianao mpitondra fanjakana manomboka any amin'ny filoham-pirenena ka hatrany amin'ny sefom-pokontany any, hanana impact eto amin'ity firenena ity, hitaona ny malagasy ho any an-danitra e. Izany ange ny mission-nareo mpitondra ireo e. Ary hanana fahasahiana ianareo satria raisinareo au sérieux amin'izay ny Fanahy Masina, hanana fahasahiana ianareo hitenenana hoe : « an an an, aoka izay ny fampitoviana ny Christianisme amin'ny bouddhisme, amin'ny slamo. Fa ity tany ity dia efa natolotr'i Ranavalona an'i Kristy, Ranavalona 2, tamin'ny 1869 » ry havana ô. Izany , izany, izany io Fanahy Masina raisina au sérieux io. Ary rehefa mijery ny ho avintsika isika, ny ho aviko manokana, ny ho avin'ny ankohonako, ny ho avin'ity firenena ity : mijery ny afitsoky ny ho avy : betsaka ny baraingo mamelona fanahiana ry havana ô, ary mamboly tahotra ao amintsika. Fa raha feno ny Fanahy Masina ianao, raha mitafy ny Fanahy Masina ianao, dia izao ny zavatra ao an-tsainao : tsy fantatrao izay ho afitsoky ny ho avy ; par contre ry havana ô, Ilay nitsangana tamin'ny maty nandresy ny fasana sy ny fahafatesana miazona an'izany ho avinao izany eo am-pelatanany.

Ho an'Andriamanitra ny voninahitra ary ho aminao ny fahasoavany. Amena.